

A VANIM-POTOANA MIOVA

❖ Lamina sy firindra.

- Arakan'ny Genesisy 1, namorona ny Tany Andriamanitra ary tany tsy nisy endrika safy foana no novainy ho amin'ny fahatanterahana.
- Tamim-pilaminana no nampisarahany ny andro sy ny alina, nizarany ny rano, nampimpoirany ny tany maina, nampaniriany ny zavamaniry sy namoronany ireo fahazavana eny amin'ny lanitra izay handrafitra ny vanim-potoana eto an-tany.
- Na dia nitondra fikorotanana teto amin'izao tontolo izao aza ny ota, dia mbola mifehy ny fisiantsika hatrany ny rindran-damina napetrak'Andriamanitra tany am-piandohana.

❖ Rindra eo amin'ny fiainana.

- Mandalo vanim-potoana maro isika eo anelanelan'ny fahaterahana sy ny fahafatesana:
 - (1) Fahazazana (Mpitsara 13:24; Lioka 2:40)
 - (2) Fahatanorana (Salamo 71:5; 1 Timoty 4:12)
 - (3) Fahalebiazana (Genesisy 41:46; Asa 7:23)
 - (4) Fahanterana (Salamo 90:10; Filemona 1:9).
- Mitovy ireo rindra ireo ho an'ny olona tsirairay, saingy tsy mitovy ny fomba iainan'ny tsirairay azy. Samihafa avokoa isika rehetra ary samy manana ny dingana atrehiny eo amin'ny fiainana. Kanefa, samy manana tomba-bidy ny tsirairay ary samy manana zavatra hatolotra.

B VANIM-POTOANA TSY MIOVA

❖ Fiovana tsy ampoizina.

- Samy manana ny lamina sy fahazarany isika rehetra. Indraindray anefa dia misy fiovana tsy ampoizina mitranga manova azy ireny.
- Namoy ny zavatra rehetra Joba tao anatin'ny indray andro monja, maty tampoka i Abela, namidin'ny rahalahiny ho andevo i Josefa.
- Raha mifikitra amin'Andriamanitra sy matoky Azy isika, dia afaka hatrika ireny fiovana tsy ampoizina ireny ka handray ny tsara indrindra avy amin'ny toe-javatra vaovao (Genesisy 50:20).

❖ Fiovana.

- Manova ireo dingana lalovana eo amin'ny fiainana ny fiovana: fahazazana, fahatanorana, fahalehibiazana, fahanterana.
- Misy koa ny fiovana eo amin'ny fiainantsika ara-panahy. Raisin'Andriamanitra manomboka eo amin'ny fiovam-po isika ka hatramin'ny fahamatorana ara-panahy (Hebreo 5:12-14).
- Hodinihitsika ny fiovana teo amin'ny fanandraman'ny apostoly Paoly (VM, p. 107):
 - (1) Nanova ny eritreriny lalina indrindra sy ny fihetseham-po tao anatin'ny fahasoavan'Andriamanitra.
 - (2) Nentina hifandrindra amin'ny fikasan'Andriamanitra mandrakizay ireo talentany.
 - (3) Kristy sy ny fahamarinany no nanjary mihoatra noho izao tontolo izao ho an'i Saoly.

❖ Fifandraisana.

- Misy fiatraikany mandrakariva eo amin'ny fiainantsika ny fifandraisantsika amin'ny hafa. Misy fiatraikany eo amin'ny hafa ihany koa ny fifandraisantsika aminy.
- Mety hitondra fiovana, ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy ireo fifandraisana ireo. Amin'ny maha-kristiana, dia tsy maintsy manao ny tsara indrindra mandrakariva isika mba ho ohatra tsara ho an'ny hafa (Romana 12:18).
- Mety hisy fiatraikany lehibe ny fifandraisana tsara ataontsika. Hitondra fiovana eo amin'ny fiainan'ny hafa izany ka hahatonga azy ireo hisaotra an'i Kristy noho ny asany ataony amin'ny alalantsika.
- Fitiavana sy fahalemam-panahy no tsy maintsy fitsipika eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa.